ALAHADY FAHA-11 MANDAVANTAONA- TAONA B



« Ny Fanjakan'ny lanitra dia tahaka ny lehilahy anankiray mamafy voa amin'ny tany » (Mk. 4: 26)

Ry Kristianina havana, araky ny efa voalazantsika tamin'ny Alahady lasa teo Alahady faha-10 tsotra mandavantaona, dia miditra amin'ny fotoana mandavataona isika taorian'ny fankalazana ny sakramenta masina. Ny fiverenantsika mankalaza ny Alahady tsotra mandavan-taona dia mampahatsiaro antsika fa tsy manam-pahataperana ny fitiavan'i Jesoa satria sady manolotra ny tenany ho antsika izy tamin'ny fijaliany sy ny fahafatesany ary ny fitsanganan-ko velona no mitarika antsika ihany koa ho voavonjy ka mampianatra antsika izay mahakasika ny Fanjakan'ny lanitra. Fotoana hanohizantsika ny fandalinam-pinoana tokoa ny mandavantaona ka hibanjinantsika bebe kokoa ireo fiainan'i Kristy. Mitohy ny fampianarany mba hivahatra sy ho latsapaka ao amintsika tokoa ny fiainam-pinoana ka hahay hampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro isika, hitoetra bebe kokoa ao amin'i Kristy sy itoerany hatrany. Isaky ny mandalina ny finoana isika dia latsapaka ao amintsika ny fampianarany ka hamokatra be ny fiainantsika.

Vakiteny I : Ez. 17, 22-24
Tononkira : Salamo 61
Vakiteny II : 2 Kôr. 5, 6-11
Evanjely : Mk. 4, 26-34

Izany fampianarana izany no tian'I jesoa ho tsapantsika amin'izao Alahady faha-11 mandavataona izao raha mampianatra momba ny voatsinapy izy.
Ny finoana dia tahaka ny voatsinapy, rehefa latsapaka tokoa ny fakany ao amintsika ao

dia tonga hazo lehibe ka ny vorona manidina aza dia manatona azy sy mitady fialofana "*Tahaka ny voantsinapy izy, izay kely indrindra amin'ny voa rehetra ambonin'ny tany raha vao afafy, fa tonga lehibe indrindra amin'ny anana rehetra kosa rehefa voafafy sy mitombo, ary mandrantsana vaventy ka azon'ny voro-manidina ialofana ny alokalony*". Fanoharana lalina izany ry Kristianina havana. Izany tokoa no eritreretintsika ho vokatra voalohany sy antenaintsika amin'izao fiomanantsika amin'ny fankalazana ny filankevitra pastôraly izao. Ny faharoa, maneho ny fiainantsika tsirairay ny fanoharana ataon'i Jesoa ohatry ny voatsinapy, izany hoe voatsinapy izay voa farany kely indrindra fa raha avela izy hitsiry, avela izy hivelatra dia lasa lehibe ka ny voromanidina avy no manatona eo.

Inona ny fampianarana azontsika ho raisina amini'zany ? rehefa avelantsika hitsiry, ho latsapaka ao amintsika ny finoana, rehefa mandalina ny finoana marina isika, rehefa tsy avelantsika ho sempotra ny finoana dia afaka azahoantsika an'ireo fanantenana nomen'Andriamanitra antsika dia tsy inona fa ny fiadanana, ny hafaliana, izay voalaza ao amin'ny Md Joany 15, raha mitoetra ao amin'i Jesoa isika ary itoerany dia hamokatra be, ho feno hafaliana ary hafaliana lavorary.
Izany no ho raisin'ireo manodidina antsika koa ka hanatona antsika izy ary hahatonga azy ireo handray an'i Kristy, izany dia manambara ny fijoroana ho vavolombelona tahaka ny niainan'i Lucien botovasoa olontsambatra izay modely ho antsika ary antenaintsika fa mivavaka ho antsika indrindra amin'izao fotoan-tsarotra iainantsika izao.
Raha isika tsirairay, raha isika Kristianina vita batemy no tena voatsinapy tokoa, tsy ho tahaka izao Madagasikara, tsy hikorontana ny fiainam-pianakaviana, ny fiainan'ny fiaraha-monina, ny fiainanan'ny Eglizy, ny firenentsika ka noho izany mila fihavaozana isika dia ny hiverenantsika bebe kokoa amin'i Kristy izany hoe hanova ny fiainantsika satria isika no Kristy velona amin'ireo mpiara-belona amintsika. Araky ny hafatry ny Papa Ray masina amintsika dia isika no mitondra ny famindrampon'Andriamanitra eo amin'ny manodidina hatramin'ny zavaboaary. Matoa mikorontana sy miharatsy ny fiainantsika dia satria tsy mampanjaka ny famindram-po sy ny fifamelan-keloka isika. Io no làlana mankany amin'ny fandriampahalemana sy fiadanana. Eto amin'ny fiainan'izao tontolo izao dia ny ady, ny fifanapotehana, ny fifankaratsiana no manjaka fa tsy ny famindram-po. Izany no alalalinintsika amin'ny filankevitra pastôraly ka hahatonga ho Taranaka Mpanorina, manorina Eglizy Tranon'Andriamanitra sy Eglizy Olona Velona. Izany no dikan'ny voatsinapy. Ny vokany goavana Eglizy Tranon'Andriamanitra sy Eglizy Olona Velona fa ny fitsiriany kely. Izany midika fa ny fanjakan'ny lanitra dia tsy maintsy aorina, ao amintsika ao aloha. Ao amintsika ao no manomboka ny fanjakan'ny lanitra ka iainantsika eo amin'ny fiaraha-monina, izany ny EOV raha isika mamela ilay voatsinapin'ny finoana ao amintsika ao hivelatra, dia ho tanteraka tokoa ny fanorenana maha génération des bâtisseurs antsika, izany koa ny làlana nizoran'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa. Mety ho taitra isika milaza fa mamono tena izany i Md Paoly ? sanatria izany, ilay voatsinapin'ny finoana no hanana

toerana bebe kokoa ary dia mihamaty ny faniriandratsin'ny nofo, ny rendrarendran'izao tontolo izao fa avelany hivelatra kokoa ny voatsinapin'ny finoana ao amintsika. Ireo "encombrements" manempotra ny voatsinapin'ny finoana no tsy maintsy maty ao amintsika ao

Matetika averintsika ny hoe : ny finoana tsy tany malemy anorenam-pangady fa tany lonaka hampivelatra ny fahasoavan'Andriamanitra dia ny Fanahy Masina izay hanadio antsika tsikelikely ka tsy ny ara-nofo intsony fa ny ara-panahy no mibahan-toerana. Izany ny nofinofin'ireo razantsika taloha raha nilaza fa ny fanahy no maha-olona. Tsy resaka fahendrena fotsiny araka nambaran'ireo razantsika fa vokatry ny fahalalana an'Andriamanitra. Io no nahatonga an'i Lucien Botovasoa raha nisy nanontany azy hoe niova ianao Ramose, dia namaly izy hoe "tsy niova aho fa izao aho vao nahalala an'i Kristy". Isika tsirairay raha miova izany hoe avelantsika mivelatra ny voatsinapy dia miova ny fiainantsika, ireo manodidina hahatsapa fa i Kristy no làlana mitonda amin'ny tena fiainana. Manambara izany koa i Ezekiela mpaninany ao amin'ny vakiteny voalohany raha nibanjina sahady an'i Jesoa izy raha nilaza ilay hazo hatominy voromanidina *""Hangalako ny tendron'ny sedera avo, ka hamboleko; holaingosako ny sampany milenodenoka amin'ny loha rantsany, ka hamboleko eo antampon'ny tendrombohitra avo sy manerinerina. Eo amin'ny tendrombohitra avon'i Israely no hamboleko azy; handrantsana sy hamoa izy, ary ho tonga sedera mahatalanjona honenan'izao fody amam-boromadinika rehetra izao eo amboniny, honenan'ny vorona rehetra eo amin'ny alokaloky ny rantsany"*. Ny hazo dia ilay voatsinapy ao amintsika ao ka hanatonan'ireo manodidina antsika ka hahatsapany ny tena marina, hahatsapany ny làlan-kombana. Mahita antsika izy dia mahita an'i Jesoa.

Ry Jesoa zokinay ô, noharinao amin'ny voatsinapy ny finoana sy ny Eglizy ka enga anie na dia kely aza ny asa vitan'ny Eglizy amin'ny fanompoana, na dia kely aza ny finoanay fa noho ny asan'ny fahasoavanao, noho ny asan'ny Fanahy Masina dia hitombo hatranh hatrany izy ka tonga hazo lehibe.

Manomana filankevitra pastôraly izahay ka enga anie ny Fanahinao Masina hanilo anay tokoa ka ilay voan'ny finoana ao aminay anie hivelatra bebe kokoa ka hahita ny tena làlana hahatonga anay ho taranaka mpanorina eo amin'ny fiiananay andavanandro.

Egna anie izahay tsirairay noho ny vavaka ataonao, noho ny fanomezanao ny fahasoavanao mba ho tonga hazo midoroboka tokoa ka hahatarika ny olombelona rehetra fa indrindra ireo mitady izay tena làlan-kombana mba ho voatarikay tokoa ho vala sy fanjakana iray ka ho tena Eglizy Tranon'Andriamanitra tokoa ny eglizinao, izahay koa ho tena Eglizy Olona Velona mitondra ny vaovao mahafaly eo amin'ny mpiara-belona aminay. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson